






[CLIQUEZ ICI POUR LA VIDEO]

**Ministre Nadine Ramaroson : transcription de la voix off en malgache du documentaire video ci-dessus**

Tonga indray ity ny fotoana hankalazana ny Andro Manerantany ho an'ny Mponina, androany 11 jolay 2011.

Ny lohateny nofidian'ny ny Firenena mikambana dia hoe: *"7 billion people, 7 billion actions. You are one of the 7 billion, get involved. We are counting on each other".*
Raha atao dikanteny malalaka izany dia "7 lavitrisa ny isan'ny mponina maneran-tany. 7 lavitrisa afaka mihetsika
manatanteraka
asa. Mandraisa andraikitra, mandraisa anjara ianao, fa mifampiankina sy mifameno ny olona tsirairay"

Mifanandrify tanteraka amin'ny filamatra noraisintsika izany lohahevitra voizin'ny Firenena Mikambana izany. "Tombana ifotony tsimialonjafy momba ny lanja aman-kasin'ny sosialim-bahoaka". Io tokoa ny foto-kevi-dehibe entintsika hanamarihana ny Andro Manerantany ho an'ny Mponina.

Nisy ny dingana vita mifandraika amin'izany safidy lohahevitra izany. Sady napetraka ho fenitra imasoan'ny fitondrana tetezamita hatramin'ny voalohany rahateo ny sosialim-bahoaka.

Tao anatin'ny roa taona mahery dia nisy ny fijerena ifotony ny fiainam-bahoaka manerana ny Nosy. Tao anatin'izany ny famoahana laharana manokana tamin'ny taona 2010, nampahafantarana ny Vahoaka Malagasy, fa manana ny harena rehetra azony ivelomana sy hahasambatra azy izy, fa tany mahavokatra sy feno otrikarena avokoa ny Faritra rehetra manerana an'ny Madagasikara, na an-kibon'ny tany, na anaty ranomasina, na an-tanety, na anaty ala.

Mila mifanatona amin'ny vahoaka ny mpitondra fanjakana, mijery ifotony ny fahantrany sy izay rehetra manahirana azy, ka lohalaharana amin'izany ny Ministeran'ny Mponina sy ny Raharaha Sosialy, izay miahy mivantana ny Sosialim-bahoaka.

Ny Vahoaka Andriamanjaka nianjadian'ny fahantrana tsy fidiny no tompon'ny tany, tompon'ny harena, tompon'ny fahefana, tompon'ny fanapahan-kevitra, ary izy no mandray an-tanana ny ho aviny. Ny vahoaka mahantra satria nampahantraina no mahalala izay mahasoa azy, ary izy no mahafantatra ny laharam-pahamehany, ka andraikitry ny mpitondra fanjakana no mametraka

rafitra sy fotodrafitrasa hanamora ny fihariany sy ny fanatsarana ny sosialiny.

Mifandraika tanteraka amin'ny andininy faha-152 ao anatin'ny Lalampanorenan'ny Repoblika faha-4 koa ny lohateny hankalazantsika ny Andro Manerantany ho an'ny Mponina. Mametraka tsara io andininy io, fa ny ***"Fokolona nalamina ho Fokontany eo anivon'ny kaominina, no fototry ny fampandrosoana sy ny firindrana eo amin'ny lafiny fiaraha-monina sy ny kolontsaina ary ny tontolo iainana. Ny tompon'andraikitra ao amin'ny Fokontany dia mandray anjara amin'ny famolavolana ny fandaharan'asa momba ny fampandrosoana ny kaominina ao aminy*** ".

Izany hoe: miainga avy any amin'ny fokonolona miray hina, ao amin'ny Fokontany, ny fandraisana andraikitra amin'ny ady amin'ny fahantrana.

Efa volana vitsy lasa izay no nanaparitaka antontan-taratasy teny anivon'ireo fokontany 17.980 (Valopolo sy sivinjato sy fito arivo sy iray alina) manerana ny Nosy ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Raharaha Sosialy. Fanadihadiana ahafantarana mazava tsara ny toe-javamisy any amin'ny fokontany no tanjona: toy ny firafitry ny mponina, ny fotodrafitrasa misy ao aminy, ny asa fiveloman'izy ireo, ary indrindra indrindra ny olana sy ny fahasahirana tena mianjady aminy tsy nahafahany nivelona sy nivelatra ary nandray anjara amin'ny asa fampandrosoana.

Miainga amin'ny fahafantarana ifotony ireo fokontany ireo ny tetik'asa tanterahina ao aminy. Atolotra ny fitondrana ny vokatr'izany fanadihadiana izany mba ahafahana mametraka Politika sosialy nasionaly maty paika.

Ady amin'ny krizy ara-tsosialy no tsy maintsy imasoana amin'izao fidirana amin'ny Repoblika faha-4 sy amin'ny faha-50 taona tapany faharoa niverenan'ny Fahaleovantenantsika izao.

Ny tena fitiavan-tanindrazana dia ny fitiavana ny mpiray tanindrazana amin'ny tena, izay miantoka ny fivoahantsika amin'ny fahantrana sy ahitan'ny vahoaka tsivakivolo ny Anjara Masoandrony amin'izay.

=================================================


**COMMUNIQUE DU MINISTERE MALGACHE DE LA POPULATION ET DES AFFAIRES SOCIALES CELEBRATION DE LA JOURNEE MONDIALE DE LA POPULATION-11 JUILLET 2011**

A l'instar des Pays Membres des Nations Unies, Madagascar célèbre le 11 juillet, la Journée Mondiale de la Population.

***« 7 milliards d 'êtres humains. 7 milliards d'actions. Nous faisons partie intégrante de ces 7 milliards. Mobilisons-nous, engageons-nous. Apprenons à compter les uns sur les autres »*** . Tel est le thème, en traduction libre, choisi par les Nations Unies pour cette année 2011. Ce thème est en parfaite cohérence avec la vision du Ministère de la Population et des Affaires sociales.

Le ministère a lancé une enquête de perception des réalités socio-économiques de la population des 1.7980 Fokontany du pays afin de préparer les ***« Etats Généraux du Social »*** **le 2 septembre 2011.**

**Pourquoi des Etats Généraux ?**



**Car le Social est l’affaire de tous.**

**Car le développement doit être l’œuvre de tous.**

**Car la politique nationale du Social doit partir de la population à la base.**

En effet, comme stipulé doublement dans l’article 152 de la Constitution de la 4ème République :

***- « Le Fokonolona, organisé en fokontany au sein des communes, est la base du développement et de la cohésion socio-culturelle et environnementale.***

***- Les responsables des Fokontany participent à l’élaboration du programme de développement de leur commune ».***

Qui mieux que les Fokonolona sont à même d’identifier leurs besoins et leurs aspirations ?

Seul le travail de tous, conduit au développement.

Madagascar regorge de toutes les richesses et de toutes les potentialités pour assurer le bien-être de toute sa population. Et le capital humain demeure notre principal atout. Investissons dans le Social !

Nous devons miser sur l’engagement et la participation de toute notre population. Les 20 millions de Malagasy sont les propriétaires indéniables et incontestables des terres et du fruit de leur travail.

Le sens que le Ministère de la Population et des Affaires Sociales entend donner à la célébration de la Journée Mondiale de la Population et à la tenue des Etats Généraux du Social : **On ne célèbre que la réussite !**

**==================================================**

En 1989, le Conseil d'administration du Programme des Nations Unies pour le développement (PNUD) a recommandé de faire du 11 juillet la Journée mondiale de la population. Cette journée, issue de la Journée des cinq milliards, célébrée le 11 juillet 1987, a pour objet d'appeler l'attention sur l'urgence et l'importance des questions de population, notamment dans le cadre des plans et programmes généraux de développement et sur la nécessité de trouver des solutions ***(Source : ONU)***



**Thoraya Ahmed Obaid est devenue la Directrice exécutive du Fonds des Nations-Unies pour la Population (Fnuap) en 2001. Elle a occupé le rang de Secrétaire générale adjointe et a été la première Saoudienne à diriger une agence des Nations unies. A partir de décembre 2010, c'est le Dr Babatunde Osotimehin, du Nigeria, qui lui succède à la tête du Fnuap.**



**Dr Babatunde Osotimehin**

*« Cette année 2011, la journée mondiale de la population est marquée par la naissance prévue du septième milliard d'habitants sur la planète Terre. C'est l'occasion de célébrer notre humanité commune et notre diversité. C'est aussi un rappel de notre responsabilité partagée de prendre soin les uns des autres et de notre planète.*

*Compter pour la première fois sept milliards d'habitants est un jalon purement numérique, alors que ce sont les personnes dont nous devrions toujours nous soucier. C'est pour cette raison que le fonds des Nations-Unies pour la Population a pris comme thème : « **Sept milliards d'habitants, Sept milliards d'actions »***
*dans le but de contribuer à un monde meilleur.*

*(...) Dans le courant de cette année 2011, ce septième milliard de bébé naîtra dans notre monde complexe et contradictoire. En effet, nous avons suffisamment de vivres pour nourrir tout un chacun, et pourtant près d'un milliard des personnes ont faim. Nous avons les moyens d'éradiquer les nombreuses maladies, et pourtant elles continuent à se propager. Nous avons reçu en cadeau un environnement naturel précieux, et pourtant il fait l'objet d'agressions et d'une exploitation quotidienne. Tous les êtres humains conscients rêvent de paix, et pourtant une grande partie du monde est en conflit et croupit sous les armes. Surmonter des défis de cette ampleur exigera de nous le meilleur (…)».*

**Dossier de Jeannot RAMAMBAZAZFY – 11 Juillet 2011**